



ANTENIMIERAMPIRENENA

FITONDRA-N-DRAHARAHAN'NY FANANAOVAN-DALANA

SAMPAN-N-DRAHARAHAN'NY LALANA SY NY FIVORIANA

FE-POTOAM-PANAOVAN-DALANA FAHAROA AO AMIN'NY REPOBLIKA FAHAEFATRA

TAONA 2020

FAMINTINANA NY RIJAN-TENY LANY

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
(DU 05-05-20 AU 03-07-20)

03 JOLAY 2020

Volavolan-dalàna laharana lany (09)

N°	Lohateny	Famintinana
01	<p>Lalàna laharana faha-2020-003 mikasika ny Famokarana biôlôjika eto Madagasikara</p> <p>Séances plénierès : AN : 12-05-20 Sénat : 28-05-20</p>	<p>Ity lalàna ity no sehatra eo amin'ny lafiny lalàna ho an'ny raharaha na asa rehetra mikasika ny famokarana biôlôjika eto Madagasikara..Izy ity no ametrahana ny fitsipika ifehezana ny famokarana sy ny fiseràna ara-barotra ireo vokatra avy amin'ny famokarana biôlôjika. Ny famokarana biôlôjika dia fomba famokarana iray voajanahary mametra ny fampiasana zezika sy tsy mampiasa mihitsy ireo zavamaina voaova ara-haitaranaka (OGM)</p> <p>Ny mpandraharaha dia manaraka ny ao amin'ny bokin'andraikitra iray voamarinà orindraharaha iray misahana ny fanamarinana ka hita ao anatin'izany ny fomba fiasany sy ny fomba iarahany miasa eo amin'ny sehatry ny famokarana biôlôjika.</p> <p>Ny fanjakana no miandraikitra ny fandrindrana ny hetsika ara-panjakana sy ny fanaraha-maso ankapobeny ny fanatanterahana ny asa.Ny fanjakana, amin'ny alalan'ny Minisitera miandraikitra ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono no manao ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ity lalàna ity. Ho amin'izany dia atsangana ny Vaomieram-pirenena misahana ny Famokarana biôlôjika izay ho rantsa-mangaika tsy maintsy akan-kevitra indrindra fa eo amin'ny lafiny fitantandraharam-panjakana.</p> <p>Ny Minisitera tomponandraikitra no manome fankatoavana ireo orindraharaha mpanao fanamarinana ka izany ahitana ny Minisitera miandraikitra ny Famokaran'ny tantsaha, ny fiompiana ary ny Jono sy ireo mpisehatra mivantana. Izany no atao dia mba hisian'ny tontolo azo antoka.</p>
02	<p>Lalàna laharana faha-2020-004 anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanekena Fampisamboram-bola mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa Fampanarahana eto Madagasikara, tamin'ny toetrandro ny Tambajotram-pifandraisan-davitra nifanaovan'ny</p>	<p>Nahazo fanampiana tosika ara-bola avy tamin'ny « Export Import Banque de Chine » ny Fitondrana malagasy mba hamatsiam-bola ny Tetikasa Fampanarahana toetrandro ny Tambajotram-pifandraisan-davitra eto Madagasikara izay mitetina <i>fitonjato</i> sy <i>valo arivo</i> sy <i>sivy alina</i> sy <i>sivy hetsy</i> sy <i>fito amby telopo</i> sy <i>telonjato tapitriza yuans (337 998 700 yuans)</i>, izany hoe <i>fitonjato</i> sy <i>sivy arivo</i> sy <i>telo hetsy</i> sy <i>fito amby fitopolo</i> sy <i>efajato tapitriza</i> sy <i>sivy aminy</i></p>

	<p>Republikan'i Madagasikara sy ny fitopolo amby zato lavitrisa ariary (179 477 309 700 ariary)</p> <p>EXPORT IMPORT BANQUE DE CHINE tamin'ny 19 febroary 2020</p> <p><i>Fivoriambe:</i> <i>Antenimierampirenena : 02/06/20</i> <i>Antenimierandoholona :</i></p> <p>Izao Tetikasa fanaovana ho araka ny toetrandro izao dia amatsiana tolotra Haitao Vaovaon'ny serasera ho an'ny Hery mpitandro ny Fiarovana sy ny Filaminana toy ny Zandarimaria, ny Tafika ary ny Polisim-pirenena mba hampandaitra bebe kokoa ny fiasan'izy ireo.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola:</p> <p><u>Mpamatsy vola : Export Import Banque de Chine</u> <u>Habetsahan'ny vola samborina : 337 998 700 Yuans, izany hoe 179 477 309 700</u></p> <p>MGA <u>Zana-bola : 1,5%</u> <u>Fe-potoana amerenana ny vola : 30 taona ka ao anatin'io ny 5 taona tsy andoavana</u> <u>Tambim-pamoaham-bola: 0,25%</u> <u>Tambim-pitantanana : 0,25%</u></p>
03	<p>Lalàna laharana faha-2020-005 mikasika ny fiantohana</p> <p><i>Fivoriambe :</i> <i>Antenimierampirenena : 29/06/20</i> <i>Antenimierandoholona :</i></p> <p>Ny fiantohana dia mpanao raharaha iray manome tolotra ara-bola ny mpanjifany, dia ny iantohana, rehefa misy ny fahavoazana (and.5). Ny fifanekana fiantohana dia atao an-tsoratra amin'ny teny frantsay na amin'ny teny malagasy. Azon'ny orinasam-piantohana atao ny manome tolotra amin'ny alalan'ny Haitao vaovao.(and.11)</p> <p>Tsy manan-kery ny fifanekena raha toa ka manao fanambarana tsy marina ilay iantohana. Ekena koa anefa fa misy ny fanambarana tsy marina nefo tsy iniana. Tsy maintsy alohany ara-dalàna ny latsakemboky ny fiantohana. Hita ao anatin'ny fifanekena mihitsy ny fampahatsiahivana ny sazy raha misy ny fandikana ny fitsipika. Tsy azon'ny mpiantoka omena vola setrin'ny fahavoavana (sinistre) ny olona na fikambanana iantohana tsy manara-dalàna.</p> <p>Tsy voatery hiantoka izay mety ho fahavoazana rehetra ny orinasam-piantohana. Fanteniny araka izay fahafahany mihetsika kosa izy ireny.</p>

		<p>Avondrona ao antin'ny sampana roa ny raharaha-piantohana:</p> <ul style="list-style-type: none"> - <u>Ny « sampana mikasika ny aina »</u> izay ilazana ny fiantohana ireo fahavoazana hitranga izay miankina amin'ny fahavelomana na fahafatesana toy ny fiantohana aina, fiantohana fahafatesana ary ny fiatohana fisotroandronono. Afaka miala ny olona na fikambanana iantohana ao anatin'ny telopolo (30) andro manomboka eo amin'ny nandrotsahana ny latsakemboka (and.47). Miala ny Orinasam-piantohana raha toa ka namono tena ilay iantohana. - <u>Ny « sampana tsy mikasika ny aina »</u> izay ahitana ireo raharaha-piantohana tsy miompana amin'ny ain'ny olona iantohana toy ny fiantohana fahavoazana, fiantohana ny fahasalamana, ny fananana, iarovana amin'ny loza (accident) sy ny fahavoazana mety hitranga amin'ny famokaran'ny tantsaha. <p>Ny Vaomiera mpanara-maso ny Banky sy ny Vola (CSBF) no manara-maso ny asa fiantohana.</p> <p>Voalazan'ity lalàna ity ny fisian'ny fiantohana tsy maintsy atao toy ny fiantohana ara-panonerana ny fiara an-tanety izay mahakasika ny fiara entina miasa, ny kamiao, ny môtô, ny skotera, ny traktera, ny andianà mpandeha fiara « caravanes » sy « remorques » (and.117 andl.3)</p>
04	<p>Lalàna laharana faha-2020-006 manova ny fepetra sasantsarany ao amin'ny Lalàna laharana faha- 2016-029 tamin'ny 14 jolay 2016 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny Serasera eny amin'ny Haino aman-jery.</p> <p><i>Fivoriambe :</i> Antenimierampirenena: 03-07-20 famakiana faha-2 Antenimierandoholona :</p>	<p>Izao rijan-teny enti-manova izao dia manafoana ny sazy fampidirana am-ponja ho an'ny fandikan-dalàna mifandraika amin'ny asan-gazety saingy mbola eo ihany kosa ny lamandy.</p> <p>Ao amin'ny endrika vaovao isian'ity lalàna ity dia ekena ny fahafahan'ny haino aman-jery manenika ny firenena na an'ny fanjakana izany an'ny tsy miankina saingy tsy maintsy miditra amin'ny fampitana sary sy feo TNT ary manaiky ireo didy aman-dalàna mifandraika amin'izany. Nohatsaraina indray ny famaritana ny zo amin'ny sary sy ny amin'ny fiainana manokana. Araka izany dia tsy azon'ny mpanao gazety atao ny manohintohina ny fiainan'ny olona manokana. Tsy azo atao ny maka sary sy mampiely izany raha tsy avelan'ny tompony.,indrindra rehefa maneho ny fiainany manokana izany.Ekena ny gazety eny amin'ny internety saingy tsy maintsy</p>

		<p>mijoro ho matihanina.</p> <p><i>Tsy azo atao ny mampita amin'ny haino aman-jery ny vontoatin'ny fivoriana mikaton-trano.</i></p> <p>Misintaka amin'ny rafitra ara-dalànan'ny Holafitry ny Mpanao gazey ny Minisiteran'ny Serasera mba hialana amin'ny fitsabahan'ny fahefana hafa. Manana fahefana hanara-maso sy hanafay ny Holafitry ny Mpanao gazety. Hlta ao amin'ny rijan-teny koa ny fifidianana ny Filohan'ny Holafitry ny Mpanao gazety sy ireo mpikambana ao amin'ny biraony ary koa ny fe-potoam-piasany sy fanohintoinana azy manoloana ireo mpanao gazety. <i>Fidin'ireo mpanao gazety misortra ao amin'ny tabilaon'ny Holafitry ny Mpanao gazety eo amin'izy samy izy ny Filoha, ireo Filoha lefitra eny anivon'ny faritra sy ireo Filoha lefitra mpisolo, ireo mpanolotsaina sy ny mpanolotsaina mpisolo toerana.</i></p> <p>Hlta ao koa ny fanamboarana indray ny fandaminana ny Manamahefam-pirenena misahana ny Fampanaraham-penitra ny Serasera eny amin'ny Haino aman-jery.(ANRCM) ka nampifandanjalanjaina ny solontenan'ny sehatra ara-panjakana sy ny sehatra tsy miankina eo amin'izay ho mpikambana ao sy ny fanavaozana ny anjara raharahany. Manomboka izao dia ahitana mpikambana 13 izy io ka ny 6 dia avy amin'ny Fanjakana fa ny 7 kosa avy amin'ny ankolafy hafa. Izy no manome ny ny fahazoan-dalana hiasa ho an'ny orinasa misahana ny serasera amin'ny haino aman-jery...</p>
05	Lalàna laharana faha-2020-007 anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanekena Fampisamboram-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola amin'ny ampahany ny Tetikasa Fanamafisana orina sy fampifandraisana ireo Tambajotram-pitaterana ny Herin' aratra eto Madagasikara PRIITEM I	<p>Nisitraka ny fanampiana tosika ara-bola avy tamin'ny vondron'ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana i Madagasikar tamin'ny alalan'ny fampindramam-bola mitentina dimy alina sy enina hetsy sy sivy tapitrisa (9.650.000) UC, izany hoe sivy arivo sy valo alina sy roa hetsy sy sivy amby sivifolo sy efajato tapitrisa sy sivy amby efapolo lavitrisa (49.499.289.000) Ariary) ho famatsiam-bola ny PRIITEM I</p> <p>Misy koa fizarana ao amin'ny tetikasa mikasika ny fametrahana herin'aratra eny ambanivo hitra manaraka ny faritra eo anelanelan'Antananarivo sy Toamasina izay lanitarana ny tambajotra fitsinjarana herin'aratra miainga avy ao Antsampanana sy</p>

	<p>nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana sy ny Tahiry Afrikana momba ny Fampandrosoana (BAD/FAD) tamin'ny 6 febroary 2020</p> <p><i>Fivoriambe :</i> Antenimierampirenena : 29/06/20 Antenimierandoholona :</p>	<p>Ambohibary izay hamatsiana kaominina telo (Morarano Gara ao amin'ny distrikan'i Moramanga ary i Mahatsara sy i Brickaville ao amin'ny distrikan'i Brickaville) ka ahafahana mahavory tokantrano miisa 1.500 izay ahitana olona 10.000.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny famatsiam-bola: <u>Mpampindram-bola</u> : BAD/FAD</p> <p><u>Habetsahan'ny vola</u> : 9.650.000 UC na 49.499.289.000 Ariary</p> <p><u>Faharetan'ny famerenam-bola</u>: 40 taona ka ao anatin'io ny 10 taona tsy andoavana</p> <p><u>Tambim-pamoaham-bola</u> : taha isan-taona 0,50% -n'ny vola nosamborina tsy mbola nampiasaina</p> <p><u>Tambim-pisahanan-draharaha</u>: taha isan-taona 0,75%-n'ny vola nampiasaina tsy mbola naverina.</p> <p>Ny Birao mpanatanteraka ny tetikasa dia ny Minisiteran'ny Angovo sy ny akoran'afotra ny JIRAMA.</p> <p>Voatondro ho amin'ny 31 desambra 2024 ny fikatonan'ny Tetikasa na amin'ny daty hafa aorian'izay ka ifanarahan'ny mpampindram-bola sy ny mpindram-bola antsoatra.</p>
06	<p>Lalàna laharana faha-008 anomezan-dalana ny funkatoavana ny fifanekena fampisamboram-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola amin'ny ampahany ny Tetikasa Fanamafisana orina sy fampifandraisana ireo Tambajotram-pitaterana ny Herin'aratra eto Madagasikara PRIREM I, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana sy ny Tahiry Afrikana momba ny</p>	<p>I Madagasikara dia nahazo fanampiana tosika ara-bola avy tamin'ny vondron'ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana tamin'ny alalan'ny fampindramam-bola mitentina fito alina sy iray hetsy sy valo ambin'ny folo tapitrisa (18.170.000 UC, izany hoe valo arivo sy <i>telo alina sy efatra hetsy sy dimy amby roapolotapitrisa (25.438.000)</i> dôlara amerikana, izay mitovy amin'ny valopolo sy sivinjato sy dimy arivo sy iray alina sy iray hetsy sy sivy amby telopolosy efajato tapitrisa sy <i>telo amby sivifolo lavitrisa (93.439.115.980)</i> ariary ho famatsiam-bola ny PRIREM I.</p> <p>Ity tetikasa ity dia anamafisana orina sy anitarana ny tambajotram-pitaterana ny herin'aratra ary ahitana ny fampifandraisana herin'aratra eo amin'ny Tambajotra</p>

<p>fampandrosoana tamin'ny 06 febroary mifandray eto Antananarivo sy ny an'ny Toamasina ary ireo toerana efatra 2020 amin'ny maha-mpitantantana ny mifandray misy fanovana herin'aratra (Tana Nord II, Ambohibary, Antsampanana « Facilité d'Appui à la Transition » azy ary Toamasina) ireo)<u>(BAD/FAT)</u></p> <p><i>Fivoriambe :</i> Antenimierampirenena : 29/06/20 Antenimierandoholona :</p>	<p>mifandray eto Antananarivo sy ny an'ny Toamasina ary ireo toerana efatra 2020 amin'ny maha-mpitantantana ny mifandray misy fanovana herin'aratra (Tana Nord II, Ambohibary, Antsampanana « Facilité d'Appui à la Transition » azy ary Toamasina)</p> <p>Misy koa fizarana ao amin'ny tetikasa mikasika ny fametrahana herin'aratra eny ambanivohitra manaraka ny faritra eo anelanelan'Antananarivo sy Toamasina izay anitarana ny tambajotra fitsinjarana herin'aratra miainga avy ao Antsampanana sy Ambohibary izay hamatsiana kaominina telo (Morarano Gara ao amin'ny distrikan'i Moramanga ary i Mahatsara sy i Brickaville ao amin'ny distrikan'i Brickaville) ka ahafahana mahavory tokantrano miisa 1.500 izay ahitana olona 10.000.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Mpampindram-bola : BAD et FAD amin'ny maha-mpitantanta ny Facilité d'Appui à la Transition azy ireo (FAT) - Habetsahan'ny vola : 9.650.000 UC, izany hoe 49.499.289.000 Ariary ; - Faharetan'ny famerenam-bola : 40 taona ka ao anatin'io ny 10 taona tsy andoavana; - Tambim-pamoaham-bola : taha isan-taona 0,50%-n'ny vola nosamborina tsy mbola noraisina - Tambim-pisahanan-drahahaha: taha isan-taona 0,75%-n'ny vola rehetra nampiasaina nefo mbola tsy voaverina <p>Ny Birao mpanatanteraka ny tetikasa dia ny Minisiteran'ny Angovo sy ny akoran'afon sy ny JIRAMA.</p> <p>Voatondro ho amin'ny 31 desambra 2024 ny fikatonan'ny Tetikasa na amin'ny daty hafa aorian'izay ka ifanarahana ny mpampindram-bola sy ny mpindram-bola antosoratra.</p>
--	---

07	<p>Lalàna laharana faha-2020-009</p> <p>Nahazo fampiasam-boram-bola avy amin'ny Banky Europeana momba ny anomezan-dalana ny fifanekena fampisamboram-bola mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa JIRAMA WATER III, tamin'ny 09 desambra 2019 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Europeana momba ny Fampiasam-bola hamokarana (BEI)</p> <p><i>Fivoriambe :</i> Antenimierampirenena : 29/06/20 Antenimierandoholona :</p>	<p>Nahazo fampiasam-boram-bola avy amin'ny Banky Europeana momba ny anomezan-dalana ny fifanekena fampisamboram-bola mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa JIRAMA WATER III, tamin'ny 09 desambra 2019 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Europeana momba ny Fampiasam-bola hamokarana (BEI)</p> <p>Fampiasam-bola hamokarana (BEI) (35.000.000) euros, izay mitovy amin'ny <i>dimy alina sy sivy hetsy sy fito amby roapolo sy telonjato tapitrisa sy efapolo amby zato lavitrisa (140.327.950.000) Ariary)</i></p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Mpampindram-bola : BEI - Habetsahan'ny vola : 35.000.000 Euros - Zana-bola: zana-bola faritana isaky ny enim-bolana eny amin'ny tsenambolan'ny tany mampiasa ny euro. - Faharetan'ny famerenam-bola : 25 taona ka ao anatin'io ny 6 taona tsy andoavana. <p>Ny vola dia harotsaky ny BEI amin'ny ampaham-bola miisa 12 raha be indrindra. Ny Euro no ventim-bola androtsahana ny vola.</p> <p>Ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy fidiovana no Birao mpanatanteraka ny asa.</p>
----	--	--

08	<p>Lalàna laharana faha-2020-010 mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2020 nasiam-panitsiana</p> <p><i>Fivoriambé :</i> <i>Antenimierampirenena : 02-07-20 famkn faha-2</i> <i>Antenimierandoholona :</i></p>	<p>Nisy fiantraikany betsaka tamin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bola amin'ny taona 2020 nasiam-panitsiana. Ny hamahana ara-pahasalamana navoaka tamin'ny volana marsa dia narahin'ny fepetra toy ny fihibohana, ny fanajana ny elanelana ary ny fandraràna ny famorian'olona ary indrindra ny fikatonan'ny sisin-tany.</p> <p>Ireny toe-java-misy ireny dia nampihisatra ny fifanakalozana tamin'ny any ivelany sy ny fiharian-karena tato anatiny satria efa nikatona ara-teknika tamin'ny ampahangy ny orinasa. Voatery ny governemanta nampihatra ireo fepetra fanalefafahana ny vokatry ny valanaretina mihanaka. Notazomina ny tetibolan'ny Foibe Fibakoana ny ady amin'ny Covid 19 (CCO) mba hahafahany manohy ny andraikitra nankinina taminy.</p> <p>Hahatratra 2.757 lavitrisa ariary ny vola miditra avy amin'ny hetra, izany hoe 53,24%-ny vola miditra avy amin'ny hetra rehetra, nihena 1272 lavitrisa ariary raha mitaha tamin'izay novinavinaina tamin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana teo am-boalohany ho an'ny taona 2020. Nihena koa ny vola miditra amin'ny faditseranana ka lasa 2 421.6 lavitrisa ariary, izany hoe nihena 585.6 lavitrisa ariary raha mitaha tamin'izay noheverina teo am-boalohany. Izany fitontonganana izany dia niteraka fitomboana be teo amin'ny fatiantoky ny tetibola izay 2,8% tao amin'ny LFI ka lasa 6,3% ao amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bola nasiam-panitsiana amin'ny taona 2020. Niteraka fikorontanana teo amin'ny fifanakalozana ivelany koa ny krizin'ny valanareina mihanaka. Mba hamahana olana izany dia nisitraka ny Fanamorana Fampindramam-bola maika (FCR) avy amin'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena (FMI) i Madagasikara izay mitentina 122,2 tapitrisa DTS. Nahena ho 8,9% ny tahan'ny tsindrin-ketra tao amin'ny LFR 2020 raha 11,5% no vinavina tao amin'ny LFI 2020.</p> <p>Vinavinaina ho 7,2% ny fisondrotry ny vidin-javatra.</p> <p>Misy ireo fepetra hisahanana ny fiparitahan'ny areti-mifindra covid-19. Natao laharampahamehan'ny governemanta ny ady amin'ny covid 19 sy ireo areti-mifindra hafa. Nomena laharampahamehana tamin'ny fanatanterahana ny velirano</p>
----	--	--

	<p>13 ireo fandaharana asa miendrika fiahiana ny maha-olona toy ny tosika fameno, tsena mora, ny vola atakalo asa, ny fametrahana ny komity Loharano. Ny fametrahana ny Kaly Tsinjo izay fampisakafoanana natokana ho an'ny vondron'olona marefo dia tohanan'ny LFR 2020. Hisy koa ny fizarana boky fianarana ho an'ny T1, T5 ,T9 ary ny kilasy famaranana, kiraro manokana, vondrom-pitaovana, aron'akanjo sy tablety. Hisy ny fananganana efitrano fianarana miisa 476 ho an'ny EPP. Toy izany koa, efa voahevitra ao ny fananganana EPP telopolo,CEG valo ary lise enina « manara-penitra » samy vaovao. Amin'ny resaka fahasalamam-bahoaka dia ho vita amin'ity taona ity ny hopitaly folo « manara-penitra ».</p> <p>Tafiditra lalina kokoa tamin'ny asa sôsialy ny foloalindahy (fifandraisana amin'ireo faritra mitoka-monina amin'ny alalan'ny fitaterana fanafody, fitaovam-pitsaboana ary sakaf...). Renivohitry ny Distrika maromaro no hisitraka ny fitsarana manakaiky ny vahoaka amin'ny alalan'ny fananganana Japan'ny fitsarana ambaratonga voalohany.</p> <p>Eo amin'ny lafiny famokaran'ny tantsaha (production agricole), hisy ny fanajariana, fanarenana ary fiarovana faritra ara-pambolena aman'alina hektara izay iarahana miasa amin'ny Inda, Japana, Alemania, ny Banky iraisam-pirenena, ny FIDA, ny Tahirm-bolan'ny OPEP, ets...Hirosoana koa ireo hetsika ho an'ny fiompiana toy ny fampidirana ombivavy be ronono miisa 1000.</p> <p>Eo amin'ny sehatry ny fotodrafitr'asa, azo singanina ireto:fampiarahana loharanon-kerin'aratra samihafa eny amin'ny hopitaly : foibe mandeha amin'ny herin'ny masoandro sivy amin'ny folo (19) eny amin'ny « Centre hospitalier de district » ary miisa sivy amby telopolo (39) eny amin'ny tobim-pitsaboana fotora (CSB).Eo amin'ny lafiny Haitao vaovao , ny JIRAMA dia hampiditra ao anaty tontolon'ny kajy mirindra ireo tolotra ao aminy toy ny fametrahana fitaovana fandoavam-bola elektronika fandoavam-bola miisa dimampolo (50) ho an'ny taona 2020 sy fametrahana tranonkalam-pifandraisana izay hajoro ho Masoivohon'ny JIRAMA. Eo</p>
--	--

		<p>amin'izay Haitaon'ny Torohay sy ny Serasera (TIC) izay ihany, hapetraka ny tolotra Paositra money hanamorana ny famindram-bola...</p> <p>Nesorina tsy ho ao amin'ny LFR2020 ireo fandaniana haingitraingitra eny amin'ny departemantan'ny minisitera.. Nahena ireo tondro sasany noho voka-dratsin'ny fifanontonan'ny tondra-drano sy ny valanaretina mihanaka covid-19. Araka izany dia nahena ny tahan'ny fitomboana ka raha 5,5% izany tao amin'ny LFI 2020 dia nitontongana ho 0,8% ao amin'ny LFR 2020..</p> <p>Samy nizaka ny voka-dratsin'ireo loza ireo ny sehatr'asa rehetra. Na eo aza izany dia tsapa fa nieren-doza noho ny sehatr'asa faharoa sy ny sehatr'asa fahatelo ny sehatr'asa voalohany.Nihena ny tahan'ny fitomboan'ny sehatra voalohany ka raha 4,6% izany teo am-boalohany dia lasa 3,5% ao amin'ny LFR 2020.Tsy nisy afa-tsy 1,3% raha toa ka 7,4% no novinavinaina.Ny sehatr'asa fahatelo izay niharam-pahavoazana noho ny fikatonan'ny sisintany dia niiba ny tahan'ny fitomboany ka lasa -0,8% kanefa 5,2% no novinavivaina tao amin'ny LFI 2020.</p> <p>Mifandanja ho 15.249.113.980.000 ariary ny vola kirakiraina ao amin'ny LFR 2020 na ny miditra na ny mivoaka.</p>
09	Lalàna laharana faha- 2020-011 mikasika ny lalàna momba ny banky <i>Fivoriambe :</i> Antenimierampirenena : 29/06/20 <i>Antenimieradoholona :</i>	<p>Izao lalàna izao no andraiketana ireo fepetra isahanana ireo tolotrasa momba ny banky ary koa ireo fombafomba anarahana maso ireo mpisahana asa momba ny banky.</p> <p>Ny Vaomiera misahana ny Fanaraha-maso ankapobe ny banky sy ny Vola (CSBF) dia manana fahefana feno hifehy ny fisahana asa mifandraika amin'ny banky. Ankoatra izany, izy no manome ny taratasy fankatoavana.Raha toa ka misy ny fandavana izany dia tsy maintsy ampiarahina amin'izany ny antonantony.Tsy maintsy mahazo ny fankatoavan'ny CSBF ny mpanao raharaha na mahazo ny alalana manokana avy aminy arakaraka ny fitsipika manankery (and.67). Azo anaovana fampakarana any amin'ny Filan-kevi-panjakana ny fanapahan-kevitra enti-manafay.</p>

	<p>Ny tolotra mikasika ny banky araka ity lalàna ity dia :</p> <ul style="list-style-type: none">- <i>fandraisana ny vola avy amin'ny besinimaro</i> : izay vola angonin'ny olona iray avy amin'ny olona iray hafa, ka azony ampiasaina amin'izay ilany izany saingy tsy maintsy averiny amin'ny tompony ;- <i>fampitrosana</i> : toy ny fampitrosana zary fanofana, ny «affacturage» ary ny fampitrosana itambarambe;- <i>fomba fandoavam-bola ho an'ny mpanjifa</i> : toy ny taratasim-bola sy ny karatry ny banky ary hatrany amin'ny fitehirizam-bola elektronika ; <p>Ireo tolotra ireo dia omen'ny:</p> <ul style="list-style-type: none">- Orindraharaha misahana ny fampitrosana toy ny banky, ny orindraharaha-arabola ary ireo rafitry ny Fampisamboram-bola madinika.- sy ireo mpisahana asa toy ny orindraharaha misahana ny vola elektronika sy ny toeram-pifanakalozam-bola vahiny.
--	--

Tolo-dalàna lany (2)

N°	Lohateny	Famintinana
01	<p>Tolo-dalàna laharana faha- 03-2019/PL mikasika ny famokarana sy ny fiserana ara-barotra ny toaka gasy, atolotry ny Solombavambahoaka RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha lefitry ny Antenimierampirenena</p> <p><i>Fivori ambe :</i> <i>Antenimierampirenena :</i> <i>Antenimierando holona :</i></p>	<p>Ity lalàna ity no ametrahana fitsipiky ny fanamboarana sy ny fiserana ara-barotra ny toaka gasy. Misy ny fenitra ankapobeny arahina momba izany. Ny tahan'ny alikaola ohatra dia tsy maintsy latsaky ny 44° ary ny laro dia tsy tokony hanimba ny fahasalamana. Fomba siantifika no amaritana ny tahan'ny alikaona.</p> <p>Ny Minisitera misahana ny Varotra no manara-maso sy manao fizohiana ny fanarhana ny fenitra. Araka izany dia izy no mamestraka ny maodelin'ny fenitra harahina eo amin'ny famokarana toaka gasy. (and.16 andl.2).</p> <p>Raha ny mahazatra dia amidy eto amin'ny tsena anatiny ny toaka gasy fa amin'izao tolo-dalàna izao kosa dia sady amidy eto an-toerana ny toaka gasy no azo aondrana any ivelany.</p> <p>Ny mpamokatra sy ny mpivarotra ny toaka gasy dia tsy misehatra ao anatin'ny sehatra tsy manara-penitra intsony fa miditra amin'ny ara-dalàna. Manana fahazoan-dalana izy ireo ka izay kaominina misy azy no manome izany. Mandoa hетra amin'ny kaominina koa izy ireo .</p> <p>Tsena manokana antsoina hoe « tsenan'ny toaka gasy » no anaovana ny varotra toaka gasy.</p> <p>Ny fanjakana, amin'ny fanofanana sy ny fanentanana, dia manome tantsoroka ny tantsaha mpamokatra misehatra amin'ny fanamboarana ny toaka gasy.</p>

02	<p>Tolo-dalàna laharana faha- 001-2020/PL</p> <p>manova sy mamenyo ny lalàna maharana faha- 2016-021 tamin'ny 22 aogositra 2016 mikasika ny Toeram-pitsarana Iadiana amin'ny Kolikoly (PAC)</p> <p><i>Fivoriambe :</i> Antenimierampirenena : 02-07-20 Antenimierandoholona :</p>	<p>Ity rijan-teny enti-manova ity dia manazava sy mampirindra misimisy kokoa izay voalazan'ny lalàna laharana faha-2016-021 tamin'ny 22 aogositra 2016 mikasika ny toerana iadiana amin'ny kolikoly.</p> <p>Ohatra amin'izany ireto :</p> <p>Azo esorina amin'ny toerany ny Mpandrindra ny Toeram-pitsarana Iadiana amin'ny Kolikoly (PAC) rehefa misy ny hadisoana lehibe vitany ka voaporofon'ny Komity mpanao Fizohiana ny Jery tombana anivon'ny PAC (and.36). Ilay lalàna miasa ankehitriny dia tsy manondro ny paika arahina amin'ny fanonganana. Io tomponandraikitra ambony io araka ity tolo-dalàna ity dia Mpitsara (izany hoe avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana) fa ny andininy faha-36 ao amin'ny lalàna ankehitriny kosa dia tsy manondro fahaizana asa. Ny fihamboniany dia mitovy amin'ny Tale jeneraly anivonà minisitera.</p> <p>Ny fe-potoam-piasany dia ho telo taona raha efatra taona izany ankehitriny. (and.36)</p> <p>Ny andininy faha-7 ao amin'ny lalàna ankehitriny dia milaza fa <i>Misy rejisitra manokana voaisy marika antsisiny sy voasoniany ao amin'ireo Rantsam-pitsarana misahana ny fanagiazana sy ny fitazomana,ao amin'ny ambaratonga voalohany sy ao amin'ny dingana faharoa, fa ny tolo-dalàna kosa dia manondro fa izy io dia Rejisitra manokan'ny fananana nogiazana sy nogejain'ny Filoha na ny Lehiben'ny foiben-toeran'ny PAC araka izay fisehoan-javatra eo.</i></p> <p>Tsoahina ao amin'ny tandrifim-pahefan'ny PAC ireo heloka ara-toe-karena sy arabola na manahoana na manahoana ny halehiben'izany na ny maha-maro loha izany. Izay antontan-taratasin'ady efa an-dalana mikasika ny fandikan-dalàna aratoekarena goavana na maro loha ... (hita tao amin'ny and.19 sy 20 tamin'ny lalàna ankehitriny ka nofoanan'ity tolo-dalàna ity) dia karakaraina hatramin'ny fampakarana any amin'ny PAC nitondrana ny raharaha.</p> <p>Misy amin'izany ireo fepetra tetezamita ho fampandehanana ny PAC enina.</p>
----	--	--

Tolo-pehin-kevitra lany (02)

N°	Lohateny	Famintinana
01	<p>Fehin-kevitra laharana faha-01-2020 mikasika ny fananganana vaomiera parlemantera mpanao fanadiahadiana momba ny asan-dahalo ao amin'ny distrikan'i Morombe, atolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien</p> <p>Fivoriambe : 29/06/20</p>	<p>Eo anatrehan'ny asan-dahalo any amin'ny faritr'i Morombe, sy noho ny fiheverana fa ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana dia andraikiry ny fanjakana, ny Antenimierampirenena, amin'ny alalan'ity fehin-kevitra ity, dia</p> <ul style="list-style-type: none"> - Manapa-kevitra hanangana vaomiera parlemantera mpanao fanadiahadiana momba ny fipetraky ny fandriampahalemana ao amin'ny faritr'i Morombe; - Manambara fa izany vaomiera izany dia atsangana araka ny didy aman-dalàna manan-kery ary hanao tatitra ao amin'ny fivoriambe araka izay voalazan'ny Fitsipika anaty. - Ary manaitra ny fitondram-panjakana, araka izay voalazan'ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna momba ny fanaraha-maso ny asan'ny govenemanta, hanampy amin'ny hoenti-manana sy ny fanampiana tosika ara-teknika sy eo amin'ny fampitaovana izany Vaomiera izany mba hahatontosany ny andraikiny.
02	<p>Fehin-kevitra laharana faha-02-2020/PR mikasika fananganana sy fandaminana Fokontany, atolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOSON Hubert</p> <p>Fivoriambe plénières : 29/06/20</p>	<p>Ity fehin-kevitra ity no itaoman'ny Solombavambahoaka ny fahefana mpanatanteraka mba hanome toerana bebe kokoa ny fokontany.Hatao kaominina ireo fokontany valo noho mihoatra.Omena fahefana hampidi-bola ny fokontany. Ireny no anomezany tambil-karama ny sefo fokontany sy ny lefiny. Tsy sakanana anefa izay omen'ny fanjakana.</p> <p>Andraikitra tsy maintsy efaina ny fivoriam-pokonolona ka mahavoasazy ny tsy fanaovana izany.Toraka izany koa ny fanambaram-piterahana eny anivon'ny fokontany. Mandray anjara amin'ny fanamarinana ny antontan'isa ny fokontany.</p>